MANAKARA 4

# VARIRA NOTAPAHIN-DOHA, NY VATANY NAVELAN'IREO JIOLAHY


Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7514 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 07 martsa 2023


MINISITRY NY RAHARAHAM-BAHINY FRANTSAY 7


# HO AVY HIFAMPIDINIKA AMIN'NY MPITONDRA ETO




MARINA IZANY ! 7

## MIHANAKA TANTERAKA !

MANDALO ETO I NINA'S 2



## HIHAONA AMIN'NY MPANKAFY ETO AN-DRENIVOHITRA

RIVODOZA FREDDY 8

## NIAKATRA 4 IREO MATY, 15 281 IREO TRABOINA

MASOIVOHO MALAGASY ANY PARIS 7

## RAIKITRA NY FITOKONANA, NOHIDIAN'NY MPIASA TANY IVELANY NY AMBASADY

"PARKOUR" - TOMPONDAKA ERAN-TANY FRANTSA 2

## MALAGASY 3 HIARO NY VONINAHI-PIRENENA







Mandalo eto i Nina's

# Hihaona amin'ny mpankafy eto an-drenivohitra

Efa 7 taona teo ho eo no tsy nanitsaka an'i Madagasikara intsony i Nina's. Lasa nifindra monina tany Frantsa izy, fito taona lasa izay. Nandritra izay fe-potoana izay, tsy henoheno mihitsy izy, fa tato anatin'ny volana vitsivitsy izao vao tazana na teny amin'ny tambajotran-tserasera aza. Mandalo eto an-tanindrazana i Nina's ankehitriny, ka araka ny programany fantatra hatramin'izao aloha. Fiakarana an-tsehatra tokana ihany no handrenesana ny fihaonany amin'ny mpankafy azy eto an-drenivohitra. Etsy amin'ny efitrano malalaky ny Le Glacier Analakely, ny zoma 17 martsa 2023 izao no hiaka-tsehatra ity kintan'ny mozika Malagasy ity. Hanomboka amin'ny 8 ora alina ny fotoana, ka ireo mpikambana rehetra ao amin'ny tarika no hifarimbona hanafana ny efitrano.



Efa vonona hihaona amin'ny mpankafy i Nina's.

Dimy andro lasa izay, nandefa antso tamin'ny fesibokiny mikasika ny fahatongavany. « *Te hahita ireo mpankafy ahy any an-tanindrazana izaho izany. Maninona moa raha mba mihaona kely indray ? Mba te hanararaotra amin'ny fandalovako na dia fotoana fohy aza hihaonana aminareo, hiaraka hihira aminareo. Ho anareo mpikarakara lanonana maniry hiarahiasa amin'ny "GROUPE NINA'S", na lanonana ato ho ato, fandrio ato ny daty*", hoy izy. Azo antoka fa maromaro ihany ny seho hiarahana amin'i Nina's ato ho ato, indrindra ireo mpikarakara nahita io fanambarany io. Ny mpankafy rahateo maro ireo maneho hevitra fa mitady azy manerana ny Nosy.

**Fy**

CNFM

# "Mbola vitsy ny vehivavy mandray anjara amin'ny raharaham-panjakana"

Tontosa tamin'ny 28 febroary lasa teo tao amin'ny espace PKO Antanimena ny atrikasa nokarakarain'ny "Conseil National des Femmes de Madagascar". Ny loha hevitra nodinihina tamin'izany dia ny fandraisana anjaran'ny tanora sy ny vehivavy amin'ny raharaham-panjakana sy ny fanapahan-kevitra. Noresahina nandritra izany fa mbola vitsy ny vehivavy mandray anjara amin'ny raharaham-panjakana. 5% ny vehivavy ben'ny tanàna, 6,3 % mpanolo-tsaina, 3, 2 % ny vehivavy sefo fokontany, 33% ny vehivavy minisitra, 17,9 % ny vehivavy solombavambahoaka. Vehivavy 2 amin'ny 23 no misahana ny andraikitry ny governoramparitra. Efa nisy ny fanadihadihana sy ny fakan-kevitra nataon'ny CNFM mahakasika io ka voavaly tao anatin'izany fa ny kolontsaina sy ny fomba amam-panao raiki-tapisaka, izay mamaritra ny toeran'ny vehivavy, no antony mbola maha ambany ny tahan'ny vehivavy mandray anjara amin'io fanapahan-kevitra io. Misy koa ny antony hafa, toy ny tsy fahatokisan-tena, ny tsy fahampian'ny fahaizamanao ary ny maro hafa. Nofaranana tamin'ny famaritana paik'ady sy ireo asa izay tokony hatao mba hampiakarana io tahan'ny vehivavy amin'ny fanapahan-kevitra io ny atrikasa, indrindra moa fa manoloana ny taom-pifidianana 2023 izay efa diavintsika ity.




**Tanya.R**

Ramjasy

# Hikalo sy fitiavana etsy amin'ny Ivokolo Analakely

Mpiangaly ny mozika Rap Ramjasy. Mampiavaka azy ny fampiasana zavamaneno tendrena amin'ny hirany. Manome lanja kokoa ny tononkira ventesiny anefa izy mba hahafahany mampita hafatra. Hanolotra fampisehoana maimaimpoana etsy amin'ny Ivokolo Analakely izy ny Asabotsy 18 Marsa hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro. Hitondra seho hafakely mihitsy Ramjasy sy ny akamany amin'io fotoana io. Hitondra ireo hira efa nahafantarana azy hatramin'izay izy ary hitondra ireo hirany vaovao ihany koa. Hovetsoina ao ry "Mamy tsy foiko", Zarao fitiavana izy", "Ho valinkasasarana" sy ny maro hafa. Hitendry mivantana ny hira rehetra moa ry Dô Andrianiony eo amin'ny Clavier, Boka Rahaj eo amin'ny Guitare accoustique, Nantis eo amin'ny Batterie, ary i Tofy. Sady hihira no hitendry gitara beso Ramjasy amin'ity indray mitoraka ity. Hifandimby hiaka-tsehatra amin'i Ramjasy amin'ity seho miavaka ity ry Doublenn, Epistolier, Masnad, Eklyps. Samy sangany ary samy manana ny maha izy azy eo amin'ny tontolon'ny Mozika Rap avokoa ry Zalahy ireo ary nilaza fa hanome ny tsara avy any aminy.



Sady hihira no hitendry gitara beso Ramjasy amin'ity indray mitoraka ity.

**Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Ny finoana dia matoky sady miakatra avy hatrany na dia tsy hita aza ireo zana-tohatra mety hiafarany.»

**Ny Vetso (03.02.14)**

"Parkour" tompon-daka eran-tany

# Malagasy 3 hiaro ny voninahi-pirenena any Frantsa



Izy telo mirahalahy hisolotena ny Malagasy hiatrika ny fifaninana.

Ampolon-taonany eo izao no nalaza teo amintsika ny "Parcours". Kolontsaina avy any ivelany izy io saingy voafehintsika tsara noho ny fisian'ny tanora matihanina amin'izany. Saika ahitana tanora mampiasa azy avokoa ny renivohi-paritany rehetra fa ny tena Malaza aloha hatreto dia ny tanora ao amin'ny faritry Vakinankaratra sy eto Antananarivo. Manam-pikasana ny handray anjara amin'ny fiadiana izay tompon-daka maneran-tany eo amin'ity taranja ity ny Malagasy izay karakarain'ny Federasiona iraisam-pirenena momba ny gymnastique ao anatin'ny FISE. Any France ao Paris sy any Montpellier no hanatantarehana azy. Manana solontena telo mirahalahy isika dia Toky Ranaivomanana (21 taona), Serge Ranaivomanana (19 taona) ary Dinah Rakotoarijaona (21 taona). Izy ireo dia efa nilalao ity taranja ity nandritra ny 9 taona ary matihanina ao amin'ny Traceur Gasy. Ny 17 ka hatramin'ny 21 Mey no atao ny fifaninana saingy dieny izao dia efa manentana sahady ny tsara sitrapo sy ny malalatanana izy ireo mba hanohana ara-bola. Vola manodidina ny 5000 Euros raha araka ny vinavina no ilaina ka ny fiaraha-mientan'ny rehetra no hahafahantsika manatrika ity fifaninana iraisam-pirenena ity. Ny fandraisantsika anjara amin'ity fifaninanana ity dia ho fomba iray hanehoana ny talentan'i Madagasikara eo imason'izao tontolo izao. Ity fiadiana ny amboara eran-tany ity ihany koa dia fotoana iray hihaonana amin'ireo atleta iraisam-pirenena hafa sy hanolotra tetikasa ho avy miaraka amin'izy ireo. Sambany eo amin'ny fiainany ny atleta sasany no handray anjara amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena. Ho an'izay mikasa hanampy moa dia afaka mijery ny pejy fesibokin'ny "Traceur Gasy".

**Miaraka amin'ny « L'Aléa des Possibles »**

Ny « Hetsika accueil, arts et culture de Madagascar » any France sy eto Madagasikara moa no vy nahitana hahafahan'ny Malagasy handray amin'ity fifaninana iraisam-pirenena ity. 10 taona teo no niorenany ary fampiroboroboana ny kolontsaina sy ny kanto malagasy nentimpaharazana no tena tanjon'izy ireo ary ny tanora vao misondrotra sy ao anatin'ny famoronana no tena ataotsika. Noho ny fahatsapany fa ny kolontsaina dia ainga iray ho an'ny fandriampahalemana sy ny fampandrosoana no antom-pisian'izy ireo. Toy izany ny zava-kanto « parkour », nentin'i Antonio Faliniaina sy ny ekipany, izay nihaona tamin'ny « L'Aléa des Possibles » izay sekoly mpiaramiombona antoka hatrany am-piandohana.

**Tiaray R**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 972 - 03 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

### Trondro amin'ny karoty sy voanjo

*Zavatra ilaina* : trondro tilapia na merlan, karoty 1/2kg, voanjo 1 kapoka, voaloboka maina 60g, dità, persily, voasarimakirana 3, menaka, sira sy dipoavatra

*Fikarakarana* : Voasy dia teteho manify ny karoty. Endaso 15 mn. Asio menaka ny vilany dia alefaso ao ny karoty dia ararao ety ambony ny voaloboka maina sy ny voanjo dia asio sira sy dipoavatra. Endaso kely dia alaharo ety ambony ny trondro avy eo. Diovy tsara ny hani-maitso dia teteho manify. Potsero ny voasarimakirana telo dia araraho anaty vilany misy trondro. Rehefa masaka dia teteho manify ny hoditra voasarimakirana. Rehefa masaka dia arosoy mafana dia araraho ety ambony ny hodimboasarimakirana.

Minisitra André Haja Resampa sy Nicolas Dupuis

# Nidinika ny hoavin'ny Barea tetsy Ambohijatovo

*An'isan'ny lahadinika ny mahakasika ny lalao mandroso sy miverina hifanaovana amin'i Centrafrique.*



**Nanamafisana ny fiaraha-miasa teo amin'ny roa tonta ity fihaonana ity.**

Nitsidika ara-pomba fifanajana ny Minisitra André Haja Resampa omaly tetsy Ambohijatovo, ny mpanazatra ny Barean'i Madagasikara, Nicolas Dupuis. Anisan'ny noresahana tamin' izany ny manodidina ny fihaonan'ny ekipam-pirenena Malagasy sy ry zareo Centrafrique, izay hatao etsy amin'ny kianja Barea amin'ny alakamisy 23 marsa, hanomboka amin'ny 4ora tolakandro, sy ny lalao miverina, tanterahana any Yaoundé Kamerona, amin' ny alatsinainy 27 marsa. Misokatra malalaka tokoa ny varavaran'ingahy Minisitra satria taorian'ny filohan'ny KOM sy ny filohan'ny FSBM, anjaran'ity mpanazatra ity indray no noraisiny sy nifanakalozana hevitra. Samy nanamafy sy nanome toky amin'ny fiaraha-miasa ny roatonta, hahazoana vokatra tsara ho an'ny tontolon'ny baolina kitra. Nambaran'ingahy Nicolas Dupuis kosa, fa anio no hivoaka ny anaran'ireo mpilalao 23 mirahalahy, handrafitra ny Barean'i Madagasikara, hiatrika io lalao mandroso sy miverina amin'ny ekipam-pirenen'i Centrafrique io. Efa nisy anarana ihany moa nambarany tafiditra anatin'izany, toa an'i Jérémy Morel, izay anatin' ny heriny tanteraka. Mahakasika an'i Abel Anicet indray dia fahadisoana teo amin'ny lafin'ny serasera iny, hoy ity mpanazatra ity, saingy nampanantena izy fa tsy tao anaty lisitra ny 23 farany izy. Mahakasika ny fanomanantenan'ny Barea indray, kasaina hanomboka amin'ny alatsinainy 13 marsa ny fampivondronana ireo mpilalao avy eto antoerana, mety hisy hoavy aloha eto koa ireo mpilalao mila ravinahitra, fa ny maro amin'izy ireny dia ny alatsinainy 20 marsa vao ho tonga daholo. Amin'ingahy Nicolas Dupuis, raha mahazo fandresena amin'io Centrafrique io dia tsara be, mbola afaka manantena ihany anefa raha toa ka misaraka ady sahala aminy, saingy ratsy kosa raha sanatria ka resin'ny mpifanandrina, saingy hatreto manana tokinaina amin'ny hahazoan'ny Barea fandresena ny tenany. **Rabenaivo**

Kitra - Vaomiera hikarakara ny fifidianana

# Nisy marimaritra iraisana tamin'ny fanendrena ny mpikambana

Araka ny efa notaterina teto, hotanterahana amin'ny septambra 2023, ny fifidianana izay ho filoha hitantana ny federasiona malagasy ny baolina kitra. Ny faran'ny herinandro teo, nandritra ny fivoriambe fanao ara-potoana ho azy ireo no nanendrena ireo mpikambana anatin'ny vaomierana manokana hikarakara ny fifidianana, sy ny kaômisiona handray sy hisahana ny raharaham-pitoriana. Nambaran'ny filoha lefitra voalohany, Andriamanampisoa Alfred, fa tao anatin'ny marimaritra iraisana no nanendrena azy ireo, ka antenaina hilamina sy tsy hametraka korontana izany. Nanara-maso antsika ary indrindra tamin'ny fametrahana ireto mpikambana anatain'ireto vaomiera ireto ny iraky ny FIFA sy CAF ary COSAFA, izay vao vita ny fivoriambe, efa novoriana sy nametrahan'izy ireo ny toromarika manokana, amin'ny andraikitra hiandry azy ireto mpikambana ireto. Mahakasika manokana ny FMF indray, nilaza ny fomba fahitany nandritra izay taom-piasana izay ity filoha lefitra voalohany ity, izay nanamafy fa « zava-dehibe ary dingana iray anatin'ny FMF izao, hitantsika fa tonga teo ny FIFA, CAF, izay midika fa manaraka akaiky an'i Madagasikara izy ireo », « hisy dingana lehibe iray tsy maintsy hatrehan'ny FMF atsy ho atsy, izay nahatonga azy ireo ihany koa, hanomana sahady ny fiatrehana izany". Mahakasika manokana ny ekipam-pirenena indray dia "nisy ezaka nataon'ny federasiona tamin'ity na dia somary any ambadika sy miasa mangina aza, teo koa ny fitondram-panjakana nanome ny rehetra, nahafahantsika nahazo iny vokatra Chan iny", "nahafa-po ny laharana fahatelo", hoy ingahy Andriamanampisoa Alfred, izay vao sambany nandray anjara. **Rabenaivo**



**Tao anatin'ny marimaritra iraisana no nanendrena azy ireo, hoy Andriamanampisoa Alfred.**

Basket - "Alley Hoop 2K23"

# Nivoaka nandresy avokoa ny Ankoay lahy sy vavy

Fahombiazana tanteraka no azon'ny Radio des Jeunes sy ny FMBB tamin'ny fanatanterahana miaraka ny andiany faha-4 ny "Alley Hoop 2K23", teny amin'ny lapan'ny fanatanjahantena sy kolotsaina Mahamasina, nandritra ny telo andro nisesy tamin'ny faran'ny herinandro teo iny. Tafiditra indrindra ihany koa tamin'ny fankalazana ny faha-20 taona niainan'ny RDJ ny hetsika. Tomefy mpijery ny toeram-pilalaovana, izay nihanoka tamin'ny fanarahana fifaninanana taranja ara-panatanjahantena sy zava-kanto niangalian'ny mpanan-talenta amin'ny dihy mirindra sy ny vazon'ny tanora amin'izao fotoana izao. Teo amin'ny fifaninanana « basket-ball » ho an'olon-telo miaraka, dia tsy navotsotry ny ekipam-pirenena ANKOAY lahy sy vavy, izay hiatrika fifaninanana iraisam-pirenena atsy ho atsy, ny amboara sy ny lelavola 500.000 Ariary avy, natolotry ny orinasa Orange ny mpandresy teo amin'ny lalao famaranana. Resin'ny ANKOAY lahy, nahitana an'i Elly / Fiary / Arnol / Livio tamin'ny isa 20 no ho 18 ny COSPN1, nohatevenin'i Bila / Anthony / Nini's / Marco. Miteny ho azy ny tarehimarika fa sendran'ny mpifanandrina henjana ny ekipam-pirenentsika, nahazo dona tsara. Tamin'ny isa mazava 21 no ho 12 kosa no nandavoan'ny ANKOAY vavy (Sidy / Muriel / Christiane / Chine), nitondra solon'anarana « The Warriors » ny MB2ALL (Kap's / Miora / Rasoa / Malala)




**Nahazo fanomanantena tsara ny Ankoay !**

**aris rafaly**

## Kitra : Tompondaka OPL

Noho ny faharatsian'ny toetr'andro dia voatery nahemotra amin'ny andro manaraka ny fihaonana teo amin'ny ASA Diana sy ny USCAFoot Analamanga, izay tokony natao tamin'ny alahady tany amin'ny kianjan'Antsiranana. Toraka izany koa ny fihaonana teo amin'ny 3 FB Toliara sy ny Zanakala FC Matsiatra Ambony, saika notanterahina tany amin'ny kianja Me Kira Andaboly. Tahaka izao kosa ny voka-dalao tamin'ny andro faha-8 : TFFC Boeny (0) # Tia Kitra FC (1) – Ajesaia (0) # Cosfa (0) – Dato FC (1) # Jet Kintana Itasy (2) – Mama FC Ihorombe (0) # Cffa Analmanga (0) – Disciples FC Vakinankaratra (0) # Elgeco plus (1) – AS Fanalamanga (0) # Fosa Junior Boeny (1). Mitarika vonjimaika ao amin'ny « Conférence Sud » ny Mama FC (13), arahin'ny 2°/Elgeco Plus (12) -3°/Zanakala FC (11)-4°/Disciples FC (10)-5°/Cffa (10)-6°/Jet Kintana (10)-7°/Dato FC (6)-8°/3 Fb (4) ; Ny fizotran'ny filaharana vonjimaika ao amin'ny « Conférence Nord » : 1°/Fosa Jr (21)-2°/Cosfa (15)-3°/Uscaf (12)-4°/Ajesaia (12)-5°/AS Fanalamanga (10)-6°/Tia Kitra FC (7)-7°/Tffc (8)-8°/Asa (2). **a.r**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, lamba, TV, debarasns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 494/20-4)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 495/5-2)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 493/6-5)

### VIDANGE

* Vidange wc & puisard, construct°, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 492/10-6)

* Service vidange fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél : 034.47.024.33 / 034.16.145.06. (G-BA 476/20-16)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 479/20-15)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 034.86.213.53. (G-BA 485/15-11)

* Vidange fosse, wc 101, wc gasy Makiplast, puisard, débouchage. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 490/15-7)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 491/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 491/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 491/6-6)

### MITADY ASA

* Maçon mpanangana sy mpanao finit°, matihanina. Mitady asa. E.O.P. za-draharaha. Tél : 034.23.909.68. (G-BA 496/5-1)

Manakara

# Varira notapahin-doha, ny vatany navelan'ireo jiolahy

Mbola mitohy ny tranga halatra taovan'olona manana toe-tena varira. Ankoatran' ny fakana an-keriny zaza varira 10 taona tany amin'ny faritra Ihorombe ny herinandro lasa teo dia nahitana halatra varira olon-dehibe sahabo ho 50 taona ihany koa tamin'ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 2 ora maraina tany amin'ny kaominina Vinany telo distrikan'i Manakara, faritra Fitovinagny. Ity farany indray dia jiolahy 6 mirongo basy no namita ny asa ratsy. Nentin' ireo olon-dratsy ireo nitsoaka ny lohan'ilay olona varira. Izany hoe nokapainy ny lohany fa ny vatany navela. Nanafika tao amin'ilay tokantrano izy ireo sady naka azy an-keriny. Tsy nisy fandrobana akory fa ilay Varira ihany no nitadiaviny ary novonoiny tao amin'io tanàna io ihany. Ny razana tapany ambany najanony fa ny lohan'ilay varira no nentiny nitsoaka izay tena nampivarahontsana tokoa. Araka ny angom-baovao farany dia efa misy olona efatra no voasambotra any amin'ny zandary amin'izao fotoana.

**Fanairana**

*"Tena eto izahay dia mametraka ny antso mba hanarahana akaiky an'ity tranga ity. Tena hoe mila hanaovana fanadihadiana lalina, indrindra fa ny ao amin'ny faritra Ihorombe. Tsikaritra manko fa anisany nahitana tranga halatra varira nisesy tao Ihorombe. Izany ihany koa no manaporofo fa mbola mitohy ny asa ratsy. Hanao hetsika fanairana indray izahay amin'ny herinandro io ary ho dinihana izay fomba hatao entina hamongorana tanteraka izany asa ratsy izany"* : hoy ny Soja Ramiandrisoa Fulgence, filohan'ny fikambanana mpiahy ny varira na ny "Albinos Madagascar".

**Ariel D.**

Toliara

# Nampifamatorana amin'ny raharaha ady tany ilay tranga dahalo maty voatifitra

Manomboka mametraka rindran-damina ankehitriny ny eo anivon'ny Ministeran' ny Fiarovam-pirenena izay tafiditra ao anatin'ny fanavaozan-drafitra ny tafika. Tsy ny lafin'ny maha miaramila ihany no himasoana fa na ny sehatry ny fanajariana ihany koa na ny birao izany na ny fotodrafitrasa. Tafiditra amin'izany ohatra ny zava-misy any Toliara ankehitriny. Toerana izay fantatra fa an'ny tafika malagasy no nobodoin'ny olon-tsotra. Nofefena ilay tany ka nipoitra teo avokoa ireo milaza ho tompony. Tsiahivina anefa fa ny faritra toy ireny no antsoina ho "**terrain affecté**", izany hoe tsy mandehandeha ho azy fa hita any anaty "plan" tsara fa an'ny Ministera na an'ny fanjakana. Toy ity ao Toliara ity ohatra dia ny miaramila sy ny fananan-tany ihany no manana ny "plan". Matetika izy ireo mipetraka fotsiny ka eo ny olona tsotra no manorina azy izao mampisy olana izao. Ny tany "**terrain affecté**" ihany koa dia tsy maintsy mahazo alalana avy amin'ny filankevitry ny minisitra na ilay antsoina hoe "désaffectation", satria mbola tsy misokatra ny fangatahana azy ireny hatreto. Miteraka olana hatrany anefa rehefa alaina ny tany ka tonga amin'izao ao Toliara ao izao, izay voatery nofefen'ny miaramila.

**Very tombotsoa**

Misy noho izany ireo very tombotsoa ary tafiditra hatramin'ny fanaratsiana any anaty tambajotra ny raharaha. Fantatra ihany koa fa ireo olona milaza fa tompon'ny tany sy nilaza fa nanajary io toerana io nandritra taona maro no manao izay hanaparitahana vaovao tsy mari-pototra. Lasa niteraka lonilony eny anivon'ny fiarahamonina ilay tranga ka tamin'ny farany herinandro lasa teo ity. Nisy dahalo iray izay voatifitra tao an-toerana ka nampifandraisin'ireo very tombotsoa tamin'ny ady tany izay voalaza etsy ambony. Izany hoe olondratsy saika nanafika tanàna no voatifitra ka nampifamatoran'iretsy farany tamin'ilay raharaha tany. Nambara fa maty novonoin'ny miaramila io olona io satria hoe fianakavian'ireo olona miady tany ireo. Nilaza anefa ny ankilany fa tsy misy idiran'ity raharaha ity ilay tranga fa tany amin'ny toeran-kafa. Io voizana sy naparitaka any anaty tambanjotran-tserasera nentina handratsiana endrika ny tafika izay manao ny asany any antoerana. Mbola mitohy ny raharaha ka andrasana ny fivoarany.

**Ariel D.**

Ambositra

# Mpitondra môtô maty voadonan'ny kamiao

Nisehoana lozam-pifamoivozana tany amin'ny lalampirenena fahafito, pk 265 +800, ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 8 ora sy sasany tao amin'ny toerana antsoina hoe Ankorona, fokontany Tsaingy ao amin' ny kaominina Ivato Centre any amin'ny distrikan' Ambositra. Mpitondra môtô iray no maty voadonan'ny kamiao tamin'io fotoana io. Fa ankoatra izay dia mpitondra môtô iray hafa ihany koa no naratra mafy. Araka ny fanazavana azo, kamiao citerne ho any Tolagnaro no nifandona tamin'ny môtô cross iray ho any Ambositra. Nianjera tamin'ny tany ilay môtô ary nitsirara ilay olona nitaingina azy ary naratra mafy. Mafy dia mafy ny fifandonana teo amin'ny roa tonta ka nitarika fahafatesana tsy tra-drano teo amin'ilay mpitondra môtô izany. Fantatra fa tapaka ny valanoranony sy ny ranjony havia. Fa nisy môtô cross iray hafa ihany koa avy ao aoriana avy any tsy nahatana familiana ka nanitsaka ilay môtô teo alohany. Naratra mafy ihany koa ilay io ka tapaka ny ranjo havian'ilay nitondra azy ary efa nentina notsaboina tany amin'ny hopitaly tany Ambositra saingy noho ny ratra mafy nahazo azy dia voatery nalefa tany amin'ny hopitaly tany Antsirabe izy. Fantatra fa potika tanteraka ilay môtô teo aloha ary nahitana fahasimbana kosa ny lohan'ilay môtô tao aoriana. Efa natolotra ny fianakaviany ny razana taorian'ny fizahana. Notanana tany amin'ny tobimparitry ny zandary ny mpamilin'ilay kamiao. Nentina tany amin'ny biraon'ny zandary ihany koa ireo môtô ireo mandrapahatongan' ny fianakavian'ny tompony naka azy.

**T.H**

Toamasina

# Lehilahy iray maty voatifitry ny polisin'ny Fip



Lehilahy iray no maty voatifitry ny polisin'ny Fip tany Toamasina afakomaly tokony ho tamin'ny 4 ora tolakandro. Fantatra fa noho ny raharaha fanafihana mitam-piadiana nahafatesan'olona no nahavoarohirohy azy io. Andro vitsy lasa izay no nisehoana asan-jiolahy nahafatesana teratany vahiny iray tany an-toerana. Nandray ny andraikiny avy hatrany ny polisy ary nanao fanadihadiana. Nandritra izany anefa no naharay loharanom-baovao izy ireo mikasika ny fisian'ny iray amin'ireo jiolahy mihaodihaody teo amoron'ny ranomasina Canada Toamasina. Vantany nahare izany izy ireo dia nandeha nidinana ifotony ary nanara- maso ka hita tao tokoa ilay lehilahy iray. Ity farany izay voalaza fa tompon'antoka tamin'ny fanafihana niseho ny sabotsy lasa teo ka nahafatesana olona iray. Nisy ny vela-pandrika nataon'ny polisy mba hisamborana azy. Vao nahatazana ireo mpitandro filaminana anefa izy dia nanohitra tamin'ny antsibe iray. Nanome fampitandremana azy ny polisy saingy tsy nanaiky izy fa nanohitra hatrany ary dia voatery nitifitra azy ny mpitandro filaminana ary dia io niafara tamin'ny fahafatesany io. Araka ny fanazavan'ny polisy dia jiolahy raindahiny io maty io ary efa mpamerin-keloka izy. Vao nivoaka ny fonjan'Ambalatavoahangy vao tsy ela akory izay. Mitohy ny fanadihadiana.

**T.H**

Betafo

# Dahalo tratra niaraka tamin'ny omby halatra

Dahalo iray no sarona niaraka tamin'ny omby halatra tany amin'ny fokontany Ambohibary any anatin'ny kaominina Alarobia Bemaha any amin'ny distrikan'i Betafo ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora. Nisy olona nampandre ny zandary nilaza fa misy omby iray mampiahiahy mifatotra tsy lavitra ny tranona lehilahy iray. Nandeha nankany amin'ilay toerana ny mpitandro filaminana nijery ifotony ny zava-nitranga. Dia tratra tao tokoa io lehilahy io ka nentina nofotorana. Nandritra ny fakàna am-bavany azy no niaiky izy fa omby nangalariny tany Ambondromisitra any amin'ny distrikan'Ambatofinandrahana io omby tratra tany aminy io. Nandritra ny famotorana azy ihany koa no nanononany lehilahy iray izay nolazainy fa namany niara-nanao io asa ratsy io taminy. Fantatra fa mipetraka any Miantsoarivo Tritriva io lehilahy io ary nandehanana tany saingy efa lasa nitsoaka izy ka tsy tratra intsony ary mbola mitohy ny fikarohana azy. Ilay omby moa efa nogiazana ampamonjana ao amin'ny kaominina Alarobia Bemaha ilay omby taorian'izay.

**T.H**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Tsofa*




## Hatsikana an-tsary

*Banga*




## Masoandro miposaka

**Matio 5 : 44**


"Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo,"

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




*Tantara sy sary:* Nil

## Ohabolana



**Mita be tsy lanin'ny mamba.**

Si l'on est nombreux pour traverser (la rivière), on n'est pas mangé par les caïmans.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2896

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 8 | | 7 | | | | 3 |
| | | 7 | | | 9 | | | 5 |
| 9 | 3 | | | 6 | | | | 4 |
| 1 | | | 7 | | | | | |
| 2 | | | | | | | 8 | 6 |
| | | | | 5 | | 6 | | |
| | 5 | | | 2 | | | 9 | |
| | | 2 | | 3 | 5 | | | 7 |
| | | 4 | | | 6 | | | |

Valin'ny laharana 2895

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 8 | 9 | 3 | 1 | 7 | 5 | 6 | 4 |
| 6 | 1 | 3 | 8 | 5 | 4 | 2 | 9 | 7 |
| 4 | 7 | 5 | 6 | 2 | 9 | 1 | 3 | 8 |
| 3 | 6 | 1 | 7 | 8 | 5 | 9 | 4 | 2 |
| 5 | 9 | 2 | 4 | 6 | 1 | 8 | 7 | 3 |
| 7 | 4 | 8 | 2 | 9 | 3 | 6 | 5 | 1 |
| 9 | 3 | 6 | 1 | 4 | 2 | 7 | 8 | 5 |
| 1 | 5 | 4 | 9 | 7 | 8 | 3 | 2 | 6 |
| 8 | 2 | 7 | 5 | 3 | 6 | 4 | 1 | 9 |

Minisitry ny raharaham-bahiny frantsay

# Ho avy hifampidinika amin'ny mpitondra eto

*Mety ho isan'ny lahadinika ny mikasika ny raharaha "Apollo 21" sy "Nosy Malagasy" ary fifidianana filoham-pirenena.*

Araka ireo fampitam-baovao iraisam-pirenena, ho avy eto Antananarivo hifampidinika amin'ny fitondram-panjakana Rtoa Catherine Colonna, Minisitry ny raharaham-bahiny frantsay ny faraparan'ny volana aprily izao. Voalaza ho isan' ny lahadinika mandritra izany ny raharaha fikasana hamono ny filoham-pirenena ka nitazonana amponja teratany frantsay iray eto Madagasikara. Na inona na inona mety ho fahadisoana na fahamarianan'izany vaovao izany, tsy takona afeninina fa tsy nitsahatra nitady ny fomba rehetra hahafahany mamindra ireo terataniny hotsaraina any amin'ny firenena niaviany (extradition) ny fitondram-panjakana frantsay tao anatin'ny volana maromaro. Ankoatra ny fianakavian'ireo teratany frantsay ireo dia efa nitaky izany ihany io Minisitry ny Raharaham-bahiny frantsay io. Heverina araka izany, fa raha misy tokoa ny fahatongavan'io lehiben'ny diplomasia frantsay io eto dia hanamafy izany fitakiany izany ny tenany.

**Resaka fifidianana**

Araka ny loharanom-baovao etsy ambony hatrany, mety ho tafiditra anatin'ny fandaharam-potoan-dRtoa Catherine Colonna mandritra izany fahatongavany eto izany ihany koa ny mikasika ny raharaha Nosy Malagasy. Ity farany izay tsikaritra ho manjavozavo tanteraka, mba tsy hilazana hoe efa very tanteraka ny fanantenana ny hiverenan' ny fiandrianam-pirenena amin'ireo tanintsika ireo. Milaza ny samy vonona hiroso amin'ny fivoriana faharoan'ny Vaomiera iombonan'i Madagasikara-Frantsa hiresahana ny momba ireo Nosy Malagasy ireo ny roa tonta kanefa tsy mbola raikitra izany hatramin' ny androany sy tsy fantatra intsony ny tohiny. Ankoatra ireo rehetra ireo, heverina fa raha ho tonga eto tokoa ny Minisitry ny raharaham-bahiny frantsay, dia mety ho isan'ny lahadinika ihany koa ny mikasika ny fifidianana izay ho filoham-pirenena kendrena hotanterahina eto amin'ny volana novambra izao. Ny Frantsay izay tondroin'ny mpanao politika sasany ho efa nahita kandida na dia milaza ho tsy hitsabaka amin'izay safidin'ny Malagasy aza.

**Mamy R.**

Masoivoho Malagasy any Parisy

# Raikitra ny fitokonana, nohidian'ny mpiasa avy eto ivelany ny ambasady

Samy nitazona ny fanapahan-keviny manoloana ny olana mitranga ao amin'ny masoivohon'i Madagasikara any Parisy ny mpiasa sy ny manam-pahefana ao antoerana. Andaniny, taorian' ny fampahafantarana antsoratra, navoaka tamin'ny tambajotra sôsialy, tamin'ny zoma lasa teo, nampahafantatra ny antony niteraka ny tsy fahafalian'izy ireo dia raikitra ny fitokonana, omaly. Ankoatry ny fametahana sorabaventy, mampahafantatra ny fitakiana dia nahazoam-baovao marim-pototra fa nohidian'ny mpiasa avy eto ivelany ny biraon'ny masoivohon'i Madagasikara any Parisy. Ary voalaza fa tao anatiny ny mpanolotsaina voalohan'ny ambasady izay takian'izy ireo ny fialany, noho itsy farany ao ny toeram-ponenany. Tsiahivina fa teboka efatra no ambaran'ny mpiasa fa endrika fanaparam-pahefana ka mitarika izao fitokonana izao sy ny fitakiana ny fanalana an-dRtoa Randimbiarisoa Ramiakoalisoa Mamonjisoa tsy ho mpanolotsaina voalohany.




**Andrasana ny fanapahankevitry ny minisitra mpiahy!**

Anisan'izany ny fandrahonana mpiasa hosaziana sy hampodiana an-tanindrazana; fampitahorana ny mpiasa ECD fa hotapahina ny fifanarahana arakasan'izy ireo ; ny fonenany ao amin'ny biraon'ny masoivoho izay ambaran'ny mpiasa fa tsy ara-dalàna. Ankilany, nahazoam-baovao fa efa tafapetraka ny fitarainan'ny mpanolotsaina voalohany, niantefa amin'ny mpanolotsaina ao amin'ny masoivoho, navantana amin'ny ambasadaoro ary nomena ny dika mitovin'izany ny Sekretera jeneralin'ny minisiteran'ny Raharaham-bahiny eto antoerana. Andrasana izany izao izay fanapahan-kevitra horaisin'ny minisitry ny Raharaham-bahiny izay vao nandray ny asany tsy ela, mahakasika io disadisa miteraka henatra ho an'ny firenentsika, amin'ny any ivelany io.

**V.R.**

Vondron'ny Betsi-groupe

# Miantso firaisankinan'ny zanak'i Fianarantsoa

Miantso ny zanaky Fianarantsoa haneho firaisankina sy hifanome tanana hampandroso ny faritanin'i Fianarantsoa ny vondron'ny zanaky Betsileo, Betsi-Goupe. "*Na hanao politika, na asa sosialy na asa fampandrosoana, sns dia mila firaisankina sy tolotanana avokoa, mba ho antoky ny fampandrosona mahomby*", hoy izy ireo nandritra ny fambolen-kazo natao tao amin'ny fokontany Ambatomainty, distrika ny Fianarantsoa I ny faran' ny herinandro teo. Samy nandefa solon-tena tao avokoa ireo fokontany 53 mandrafitra ny Fianarantsoa I, ka zanakazo maherin'ny 1000 no novolen'izy ireo tamin'izany ho fanatanterahana ny veliranon'ny filoham-pirenena amin'ny fandrakofan'ala an'i Madagasikara. Mbola nanamafisin'izy ireo, fa finiavana sy fitiavana avy amin'ny tsirairay no mbola hanohanany izao fitondrana izao, ary vonona ny hanome tanana amin'ny fotoana rehetra ilàna azy ny vondron'ny zanaky Betsileo.

**Niry R.**



**Niara-namboly hazo ny vondron'ny zanaky Betsileo.**

# Marina izany !

## Mihanaka tanteraka !

**Efa volana maromaro izao no resahina betsaka eto amintsika ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina, manapotika ny tanora, eny fa na ny olon-dehibe aza. Toerana maro no ivarotana izany, raha ny eto an-drenivohitra manokana. Ny tena mampihoron-koditra dia amidy tsy lavitra ny sekoly izy ireny. Hany ka lasibatra ny zaza Malagasy tia manandrakandrana. Raha vao tafaroboka anefa dia miankin-doha tanteraka. Tranga mampitaraina ny sy mampitaraina ny ray aman-dreny, noho io zava-mahadomelina io efa mihanaka tanteraka, saika manerana ny Nosy. Ankoatry ny tanora mivarilavo dia iarahan'ny rehetra mahalala fa miteraka olana ara-piarahamonina maro ny fidorohana zava-mahadomelina, raha tsy hitanisa afa-tsy ny firongatry ny sinto-mahery; ny fanolanana zaza tsy ampy taona ; ny fahasahiana mamono olona amin'ny fomba feno habibiana;...Tranga manapotika tsikelikely ny fiaraha-monina andaniny. Ary ankilany mampanan-karena ireo tambazotra matanjaka tafiditra ao anatin'io fihariana maloto io, manomboka amin'ny fampidirana ny zava-mahadomelina eto Madagasikara sy ny fiarovana azy ireny tsy hohenjehina araka ny lalàna. Ary raha sendra misy mahalala ny tsiambaratelon'izy ireo na tonga eny amin'ny fitsarana ny raharaha dia haingana dia haingana ny fiarovana na ny fanelanelanana. Ary dia ireny miteraka resabe ireny ny kolikoly avo lenta, anaronana tanteraka ny marina sy ny rariny, eny fa hatramin'ny fanitsahana ankitsirano ny lalàna manan-kery mihitsy. Mifanohitra amin'izany anefa ny zava-misy rehefa ny trondro madinika no tratra satria tsy miandry ela ny fisamborana sy ny fampidirana amponja vonjimaika azy ireny.**

Voahangy Rakotozafy

Fanaikana ny mpifidy

# Miantso ny governemanta hamoaka ny didim-panjakana ny MMM

Mitodika any amin'ny governemanta tanteraka ny mason'ny mpanara-baovao politika amin'ny hanatanterahana ny fifidianana amin'ity taona ity. Maro ireo antoko politika no miandry ny fanapahan-kevitra ny amin'ny tokony hirosoana amin'izay amin'ny famoahana ny didim-panjakana fanaikana ny mpifidy. Isan'ny antoko manao antso avo mahakasika izany ny antoko Malagasy Miara Miainga (MMM). Nisy ny taratasy nalefan'Atoa Hajo Andrianainarivelo, filohan'ity antoko ity ny faran'ny volana febroary teo mikasika izany. Takian'izy ireo amin'izany ny tokony hanarahana sy hampiharana ny lalàna mifeny ny fifidianana. Ankoatra io, dia mahatsapa ihany koa ny antoko MMM fa tsy mba hita taratra ao anatin'ny tetibola 2023 ny famatsiana ny vola hanaovana ny fifidianana kaominaly. Nilaza ny antoko MMM fa efa takian'ny lalàna ny hanaovana io fifidianana eny ifotony io amin'ity taona ity. Toa tsy voafaritra ao anatin'ny fikarakarana izay ataon'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena momba ny fifidianana na CENI anefa izany. Ny tomponandraikitry ny CENI rahateo efa nilaza fa ny fifidianana filoham-pirenena ihany hatreto no imasoan'izy ireo amin'ity taona ity. Mikasika ny fanisana ny mpifidy dia takian'ny antoko MMM ihany koa ny hamoahan'ny governermanta ny didim-panjakana famerana na fanalavana izany.

**JUDD**

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatrarana'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Rivodoza Freddy

# Niakatra 4 ireo maty, 15 281 ireo traboina

*Voa mafy ny faritra Atsimo Andrefana sy Menabe.*

Niverina nandravarava ilay rivodoza Freddy. Araka ny tatitra navoakan'ny BNGRC (Bureau national de Gestion des Risques et des Catastrophes), omaly hariva, dia niakatra 4 ireo olona namoy ny ainy. Zazakely iray taona no maty nianjeran'ny trano tany Andranovory, Fokontany Anjambaky. Nisy zazakely roa taona koa namoy ny ainy rehefa avy lasan'ny rano tao amin'ny kaominina Antsakatsaka, distrikan'i Morombe. Vehivavy iray 50 taona koa no maty tany Bekitro, distrikan'i Bekily. Ary vehivavy iray 53 taona no namoy ny ainy tany Ambahikily, distrikan'i Morombe. Efa tafakatra 15 281 ireo olona traboina any amin'ny faritra Atsimo Andrefana sy Androy ary Menabe. Avy amin'ny tokatrano 3 622 ireto traboina ireto. Voatery tsy maintsy nafindra toerana tamin'ny toerana fandraisana traboina miisa 8 ireo traboina 3 164 avy amin'ny tokatrano 738. Nandeha namonjy ny fianakaviany sy ny mpifanolo-bodirindrina aminy kosa ny traboina 7 794. Mitokamonina tanteraka ny any amin'ny distrikan'i Manja noho ny ankamaroan'ny tanana voahodidinin'ny rano. *« Efa nisy ny fampilazana 5 andro mialoha natao mikasika ny rivodoza sy ny fahabetsahan'ny rotsak'orana ary ny fepetra tokony horaisan'ny tsirairay avy manolona izany. Misy angidimby sy lakana haingam-pandeha azo hampiasaina hamonjena ireo mponina any Manja, saingy mbola tsy misy azo atao raha tsy mihatsara ny toetr'andro. »*, hoy ny tale jeneralin'ny BNGRC, Jly Elack Olivier Andriankaja.

**Nanimba fotodrafitrasa**

Trano teo amin'ny 2 695 no fantatra fa dibo-drano ary nisy trano 618 potika tanteraka. Nirodana tao anatin'ny orambe koa ny rindrin'ny fonja tany Toliara, izay mirefy eo amin'ny 60 metatra, koa napetraka avy hatrany hanamafy ny fiambenana ny FDS (Force de Défense de Sécurité), izay hifarimbonan'ny polisy sy ny zandary ary ny tafika. Maro ireo lalam-pirenena tapaka toy ny any amin'ny RN 35 mampitohy an'i Manandriana sy Ambatofinandrahana ary Malaimbandy, ny RNT 17 mampitohy an'i Bezaha sy Belamoty ary Benenitra, ny lalana ao amin'ny Fokontany Belitsaky sy Namatoa ary Mangolovolo, ny lalana ao Befandriana Atsimo sy Belitsaky, ary ny lalana mampitohy an'i Behompy sy Toliara. Mbola hitohy hatramin'ny zoma ho avy izao ny rotsak'orana na ho an'ny eto afovoatany na any amin'ny faritra Atsimon'ny Nosy. Mbola ao amin'ny lakandranon'i Mozambika moa ity rivodoza ity, saingy efa manalavitra ny morontsiraka. Tany amin'ny 138 Km Atsimo Andrefan'i Toliara no nisy ny foibeny omaly tamin'ny 6 ora hariva ary manohy ny diany miankandrefana somary Atsimo Andrefana.

**R. Muray**

Kaonty tahiry MVola

# Nampiakarina avo roa heny ny tahan'ny zanabola

Nohatsaraina ny tolotra fanaovana tahirim-bola ao amin'ny MVola. Nakarina 4 isanjato isan-taona ny tahan'ny zanabola omena ireo mpanjifa manao petrabola amin'ny alalan'ny "MVola Epargne". Efa tamin' ny taona 2017 no nanombohana an'ity tolotra ity, saingy mbola 2 isanjato ny tahan'ny zanabola nomena ho an'ireo mpanao petrabola. Nihatra nanomboka ny voalohan'ny volana martsa lasa teo ity taha vaovao ity ho fanomezan'ity orinasa ity fahafaham-po ny mpanjifa sy ho fampiakaran'ny tahan' ny Malagasy misitraka ny fampiasana ireo tolotra arabola. Manomboka amin'ny 100 Ariary ny petra-bola azo atao ary isaky ny telovolana no mirotsaka ao anatin'ny kaontin'ny mpanjifa ny zanabola. Vita ao anatin'ny finday avokoa ny fampiasana ity tolotra ity fa tsy mila mivezivezy rehefa manana kaonty MVola no sady afaka mpiasaina 24 ora amin'ny 7 andro. Voaaro amin'ny alalan'ny teny miafina ny fampiasa ny tolotra.

**R. Muray**

Mpandraharaha Malagasy

# Niofana tamin'ny fikambanana kaoperativa tany Allemagne

Niofana tamin'ny fikambanana kaoperativa GVB tany Allemagne ny mpandraharaha Malagasy. *"Ny fampiofanana nomen'ny GVB na ny fikambanan'ny kaoperativa any Bavière Allemagne dia nifantoka tamin'ny fanazavana ny maha zava-dehibe ny fanaraha-maso sy fitsirihana ny fitantanana an'ireny kaoperativa ireny. Tsy maintsy atao ho an-dry zareo Alllemand satria ao anatin' ny lalàna mifehy ny kaoperativa"*, hoy ny solontenan' ny mpandraharaha Malagasy niatrika izany. Nambaran'ity mpandraharaha ity fa tena mampiavaka sy mampandroso ary mahamatihanina sy mampaharitra ny kaoperativa any Allemagne ny fisian'io fitsirihana sy fanaraha-maso io. Nitsidika orinasa efa nijoro an-jato taonany izay fanamboarana fromazy sy labiera ireo delegasiona Malagasy. Ny kolontsaina sy ny natiora misy any amin'ny faritra sy ity firenena ity no tena tombontsoa sy hery entin' izy ireo miasa sy mivarotra ka mampalaza azy ireo hatrany amin'ny firenena maro eran'izao tontolo izao. Nitsidika orinasa maro an'ny kaoperativa na miara-miasa amin'ny kaoperativa ihany koa ny delegasiona Malagasy. Saika ireo orinasa misehatra amin'ny famokarana sy famatsiam-bola, ny fampitaovana ary ny varotra avokoa izy ireny. Fantatra fa notsidinihana ihany koa ny "cercle des machines" izay rafitra tena goavana ivondronan'ny tantsaha mpamokatra, kaoperativa ary mpampiasa vola izay tohanan'ny fanjakana. Tena kolontsaina Allemand ny kaoperativa ary matanjaka sy maharitra, manaraka ny rafitra, manaja lalàna ihany koa.

**HAR**

Fahasalamam-bahoaka

# Mila harindra ny fiaraha-miasa amin'ireo mpiara-miombona antoka

Antony iray tsy mampahomby ireo tetikasa arapahasalamana misy eto amintsika ny tsy fitoviampijery eo amin'ireo mpiaramiombona antoka sy ny minisiteran'ny fahasalamana ary ireo mpiara-miasa rehetra. "*Taloha, tsy mirindra ny asa fa samy nanao izay mampety azy daholo ny mpiara-miombona antoka. Mitobaka ny fanampiana fa tsy arakaraka ny zavatra andrasana ny vokatra azo. Ankehitriny kosa anefa, samy mahatsapa ny rehetra, indrindra ny OMS sy ny Unicef ary ny USAID fa ny fitoviam-pijery no vahaolana. Arindra ny asa mba tsy hisy zavatra mitovy atao amin'ny faritra iray. Ajoro ny komity misahana ny fanatsarana ny rafitry ny fahasalamana izay miaraka manara-maso ny fomba fanatanterahana ny tetikasa. Raha izany no tontosa, tsy tokony hisy elanelana ihany koa ny zavatra napetraka tany am-boalohany sy ny vokatra azo »*, hoy ny Pr Zely Arivelo Andriamanantany omaly. Ohatra noraisina ny ady amin'ny tazomoka, ambony be mihitsy taloha saingy efa manodidina ny 40 isanjato ny taha tamin'ny taon-dasa noho ny fandrindrana ny asa teo amin'ny mpiara-miombona antoka sy ny minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka. Na izany aza anefa, averina jerena manokana ny paikady amin'ny hanatrarana ny fahasalamana ho an'ny daholobe noho ny lesoka sy ny rafitra tsy mandeha. Eo ihany koa ny fampitomboana ny mpiasan'ny fahasalamana, fanamboarana fotodrafitrasa, resaka arabola, fanatsarana ny tolotra ary ny fisitrahan'ny tobimpahasalamana fitaovana sy fanafody.

**Nath**

Fankalazana ny 8 martsa

# Hisy diabe sy "zumba" koa eny amin'ny kianjan'Alarobia

Efa vory lanona eto Antananarivo avokoa ireo fikambanambehivavy maro avy amin'ny lafo valon'ny nosy. Hanombohana ny fankalazana ny 8 martsa eto Iarivo dia hisy ny diabe hiainga eo amin'ny "gymnase"-n'Ankorondrano anio maraina ary hifarana eny amin'ny kianjan'Alarobia. Hisy ny "zumba" izay dihy mirindra hiarahan'ireo vehivavy rehetra mandray anjar. "Izany no natao dia hiarahan'ny vehivavy miala voly sy manao fanatanjahantena. Anentananay ny vehivavy rehetra izay avy amin'ny Faritra 23 tonga eto Antananarivo ny hetsika rehetra", hoy ny Dr Rova Rabetaliana, tale jeneralin'ny fampiroboroboana ny vehivavy eo anivon'ny Minisiteran'ny mponina. Hiara-hiasa amin'ny fankalazana ny 8 martsa toy ny isan-taona ny fikambanana Fitia izay tarihan'ny vadin'ny Filoham-pirenena Rtoa Mialy Rajoelina sy ny Minisiteran'ny mponina. Efa misy ny trano heva eny amin'ny "Palais des sports" ; eo koa ny hetsika atao amin'ny zaridain' Andohalo, Anosy ary ny Analamahitsy. Amin'ny alarobia 8 martsa 2023 ho izao dia hisy ny filaharam-ben'ny fikambanam-behivavy rehetra tonga eto amin'ny kianjan'i Mahamasina.

**Heriniaina A.**

8 martsa - Mialy Rajoelina

# Manome lanja ny asa tanana vitan'ny vehivavy

Tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny 8 martsa ny fitsidihana nataon'i Mialy Rajoelina ireo vehivavy mpanao asa tanana mampiranty ny vokatra eny amin'ny zaridain'Andohalo na hetsika Vehiv'ara. Nanome hevitra ny hanaovana ity zaridaina ity ho ambohipihaonan'ireo miangaly sy mivelona amin'ny asa tanana ny vadin'ny filoha. Ahitana ireo vokampikarohana sy famoronana maro izay sady mampalaza an'i Madagasikara maneran-tany ao ka anisan'izany ny haingon-trano, lamba sy ny maro hafa. Ankoatran'izay, nisy hesika fampirantiana voninkazo sy legioma ataon'ny vehivavy avy amin'ny lafy valon'ny nosy, ihany koa atao mandritra ny fankalazana ny andron'ny 8 martsa. Tsy adinon'i Mialy Rajoelina, filohan'ny fikambanana fitia ihany koa ny niatrika ny fifaninanana mahandro izay atao etsy amin'ny zaridainan'Anosy ataon'ireo vehivavy miavotse, no sady niatrika ny famoronana ara-tsakafon'izy ireo sy nanolotra loka ho an'ny mpandresin'ny fifaninana. Vehivavy telo no nivoaka ho mpandresy ka nahazo ny laharana voalohany i Françoise, Solotenan'ny mpiofana avy any Sofia. Faharoa ny avy amin'ny faritra Atsinana, ary laharana fahatelo ny teto Analamanga.

**Nath**

Famatsiana herinaratra

# Havaozina ny fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ny Enelec sy Jirama

Nitsidika ny orinasa Enelec ny minisitry ny angovo sy ny akoran'afo nandritra ny fidinany tany Toamasina. Voalazany tamin'izany fa ahitsy ny fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ny Enelec sy ny Jirama. Anton'izany araka ny filazan'ny minisitra Soloniaina Andriamanampiso: "*Maty antoka ny Jirama raha fitaovana tsy miasa intsony no mbola andoavam-bola. Midika izany fa mila hahitsy ny fifanaraham-piarahamiasa eo amin'ny roa tonta. Entanina ny Enelec hampiakatra ny vokatra na hanao fampiasambola raha ilaina ny roa tonta. Mitombo mantsy ny filana amin'ny herinaratra. Hatreto, ampy ny filana satria milina 11 amin'ny 13 nifanarahana no mandeha. Antony voalaza mahatapaka ny herinaratra ao Toamasina ny fikojakojana tsy maintsy atao fa tsy misy delestazy intsony.*"

Etsy ankilan'izany, hanomboka amin'ny volana aprily hatramin'ny faran'ny taona ny fametrahana "branchement mora" 170 000 isa. Izay rehetra nanao fangatahana hampiditra azy io ka mahafeno ny fepetra, izany hoe mandoa ilay sarany 30 000 ariary sy manana trano miala 30 metatra ny andrin-jiro dia mety. Nilaza ny minisitry ny angovo sy ny akoran'afo fa tsy voatery manana fahazoandalana manorona na "permis de construire" vao mahazo mampiditra ilay "branchement mora" fa rehefa manana kara-pokontany ara-dalana dia afaka misitraka izany.

**Nath**